


# Fehezam-pitsipika kaominaly mikasika ny fahadiovana, fidiovana sy fikoloam-pahasalamana

KAOMININA AMBOHIMANAMBOLA



Olona manana ny ampy, miaina anaty fiaraha-monina milamina sy mirindra , ao anaty tanàna mandroso sy mahate-honina.

Ry vahoakan'Ambohimanambola, taratry ny fandrosoana ny fananana Tanàna sy vahoaka: madio, mirindra, milamina. Ao anatin'ny vina lehibe izay apetrako RAHAGARISON Soanantenaina Ben'ny Tanàna ny mahakasika ny fahadiovana sy fidiovana. Mila manova fomba fijery, fitondra-tena ary toe-tsaina ny tsirairay mba hanatrarantsika miaraka izany tanjona izany. Noho izany, mahafaly ahy sy ireo mpiara-miasa amiko miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka ny manolotra ity boky ity. Boky misy ireo fehezam-pitsipika Kaominaly mikasika ny fahadiovana, fidiovana, fikoloam-pahasa-lamana ho ampiasaina eto anivon'ny Kaominina Ambohimanambola mba hifehy sy handamina ny lafim-piaraha-monina maro samihafa.

Koa manentana sy miantso ary mandrisika anao aho na isam-batan'olona na isan-tokatrano tsirairay avy mba hikajy ny fahadiovana amin'ny toerana misy anao sy ny toerana ifamezivezen'ny be sy ny maro ka hampiatra sy hiaro ity fehezam-pitsipika kaominaly apetraka ity ary hiara-hiasa amiko ho fanatanterahana izany mba ho soa iombonana.

Amin'izay dia samy afaka hilaza isika fa
" Reharehantsika Ambohimanambola "
**Rahagarison Soanantenaina Manantsialonina**

## FANALAVANA TENY

CRAA: Commune Rurale d'Ambohimanambola

SRFF : Servisy Rano Fanadiovana Fidiovana

STEAH : Service Technique en Eau, Assainissement et Hygiène

STAC : Service Technique en Aménagement Communal

RAOKA: Rafitra Amahana ny Olan'ny fako eto anivon'ny Kaominina Ambohimanambola

PV : Procès Verbal

C : Celsius

CSB II : Centre de Santé de Base

ONG : Organisation Non Gouvernementale

SEAH: Service EAH

MEAH: Ministère de l'Eau, Assainissement et Hygiène

WSUP: Water and Sanitation for the Urban Poor

NFS: Noise Field Synthesis

## FIZAHAN-TAKELAKA


**Toko I. Ireo tomponandraikitra ..... 8**
Sokajy 1: NY KOMITY MISAHANA NY FIDIOVANA SY NY FANADIOVANA ..... 9
Sokajy 2: NY LEHIBEN'NY FOKONTANY ..... 9
Sokajy 3: NY SERVISY RANO FANADIOVANA FIDIOVANA ..... 11
Sokajy 4: POLISIN'NY FAHADIOVANA ..... 11
Sokajy 5: "INSPECTEUR D'HYGIENE" . ..... 12
**Toko II. Ny fahadiovana sy ny toeram-ponenana ..... 14**
Sokajy 1: NY TOERAM-PONENANA SY NY MANODIDINA ..... 15
Sokajy 2: NY KABONE SY NY FANANANA IZANY. ..... 16
Sokajy 3: NY FIKORIANAN'NY RANON'ORANA SY NY RANO MALOTO ..... 19
Sokajy 4: NY FAKO. ..... 20
Sokajy 5: NY FIOMPIANA BIBY. ..... 22
Sokajy 6: NY HAFA (ORINASA, ABATTOIR, SNS...). ..... 24
**Toko III. Fandrindrana ny lalam-bahoaka ..... 26**
Sokajy 1: FANDRINDRANA AMIN'NY ANKAPOBENY ..... 27
Sokajy 2: FIKORIANAN'NY RANO ..... 28
**Toko IV. Ny fahadiovan'ny Tsena ..... 30**
Sokajy 1: NY VAROTRA HANIMASAKA ..... 31
Sokajy 2: NY VAROTRA SAKAFO MANTA. ..... 33
Sokajy 3: NY VAROTRA HAFA ..... 33
**Toko V. Areti-mifindra ..... 34**
**Toko VI. Ny filaminam-bahoaka ..... 36**
Sokajy 1: NY FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA ..... 37
Sokajy 2: FIVAROTANA AMIN'NY TOERANA TSY NAHAZOANA ALALANA ..... 37
Sokajy 3: NY TRANO SY NY TOERANA METY HITERA-DOZA ..... 38
Sokajy 4: NY KOTABA ATERAKY NY ASA AMAN-DRAHARAHA ..... 40
Sokajy 5: KOTABA AVY AMIN'NY FITAOVANA AN-TOKANTRANO ..... 42
Sokajy 6: IREO KOTABA ATERAKY NY BIBY ..... 42
Sokajy 7: NY AFOMANGA ..... 44
Sokajy 8: NY FANANGONANA OLONA SY NY MPANGATAKA AMORON-DALANA ..... 44
Sokajy 9: NY FANIMBANA SY FANAPOTEHANA FANANAM-BAHOAKA ..... 44
Sokajy 10: NY FANAKORONTANANA AMIN'NY ALINA SY NY ATOANDRO ..... 45
**Toko VII. Sazy vonodina ..... 46**

**Namolavola:**
Ministeran'ny Rano, Fanadiovana, Fidiovana

**Nandrafitra:**
Tsilavina Rafalimanana
( Mpandinika ny fiaraha-monina)
(Lehiben'ny servisy Rano, Fanadiovana, Fidiovana)
( Talen'ny Servisy Raoka )

**Nanampy:**
Soanantenaina Rahagarison
( Ben'ny tanànan'Ambohimanambola)

Rita Rakotoarinia
( Solotenan'ny ONG Expert-Solidaire)

Harimanda Andriamahazo
( Tomponandraikitry ny Servisy fotodrafitrasa kaominaly sy fanajariana ny tany)

Emile Raharinjanahary
( Tomponandraikitry ny Hetra)

**Nanaingo – Sary:**
Tsilavina Rafalimanana
( Tomponandraikitry ny Serasera sy ny informatika)

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

FARITRA ANALAMANGA
DISTRIKA AVARADRANO
**KAOMININA AMBANIVOHITRA AMBOHIMANAMBOLA**

-----------------------------------

Didim-pitondrana laharana **046/CR/AA/AG** momba ny fehezampitsipika mikasika ny fahadiovana, fidiovana, filaminam-bahoaka ary fikoloam-pahasalamana eto amin'ny Kaominina Ambohimanambola.

Ny Ben'ny Tanàna, eto amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ambohimanambola

• Araka ny Lalam-panorenana ;
• Araka ny lalàna laharana faha 2004-007 ny 26 jolay 2004 momba ny fitantanam-bolam-panjakàna.
• Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2012-005 ny 22 februoary 2012 anaoavana ny fehezan-dalàna mikasika ny fifidianana.
• Araka ny lalàna fehizoro 2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fomba ny fandaminana sy fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fitantanana ny raharahany manokana.
• Araka ny lalàna 98-029 tamin'ny 20 Janoary 1999 mifehy ny rano ;
• Araka ny Lalàna faha-2011-002 tamin'ny 15 Jolay 2011 mamaritra ny fehezam-pitsipika mikasika ny fahasalamana;
• Araka ny Lalàna 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjarampahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo;
• Araka ny didim-panjakàna laharana faha-2014-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.
• Araka ny Didim-pitondrana laharana faha-1238 SAN tamin'ny 16 Jolay 1960 mamaritra ireo fepetra fampandehanana ny sampandraharahan'ny fitandrovana ny fahasalamana ankapobeny anatin'ireo Kaominina;
• Araka ny didim-pitsarana N⁰ 148/EL tamin'ny 10 janoary 2020, mikasika ny fahalanian'ny Ben'ny tanàna sy ny mpikambana mandrafitra ny Mpanolotsaina Kaominaly Ambohimanambola.
• Rehefa avy nandalo ny fakan-kevitra tamin'ireo mpisehatra rehetra mikasika izany toy ny: Sefo fokontany, Sefo Kartie, Quartier mobile, agent communautaire, teo anatrehan'ny ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy ary mpikambanana vitsivitsy ao amin'ny filankevitra.
• Araka ny fanapahan-kevitra Lna **faha-046 DCC/CR/AA/AG.2023** tamin'ny 28 jolay 2023, ankatoavana ny « Fehezam-pitsipika kaominaly mikasika ny fahadiovana, fidiovana, filaminam-bahoaka ary fikoloam-pahasalamana» eto amin'ny Kaominina Ambohimanambola.




FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko I. Ireo tomponandraikitry ny fahadiovana, fidiovana sy fikoloam-pahasalamana

## Sokajy 1: NY KOMITY MISAHANA NY FIDIOVANA SY NY FANADIOVANA

**Andininy 1:** Andraikitry ny Kaominina sy ny fokontany no mametraka ny komity na kolejy isam-pokontany misahana ny fanaraha-maso ny fidiovana sy ny fanadiovana.

**Andininy 2:** Ny lehiben'ny fokontany, ny Sefo kartie, ny "Quartier Mobile", ny Kolejy, sy ireo "Agent Communautaire" no mandrafitra ny komitin'ny fidiovana sy fahadiovana ary manana andraikitra mpampitandrina sy mpanao tatitra.

## Sokajy 2: NY LEHIBEN'NY FOKONTANY

**Andininy 3:** Ny Lehiben'ny fokontany no tomponandraikitra voalohany afaka mangataka ny fitsaharan'ny fandikan-dàlana momban'ny fanadiovana sy fidiovana eny anivon'ny Fokontany tsirairay eto amin'ny Kaominina, ary afaka mampihatra ny dinam-pokontany efa notapahina tamin'ny fivoriambe-pokonolona ka manao ny tatitra rehetra eo anivon'ny tomponandraikitra amin'ny Kaominina.

**Andininy 4:** Ireto manaraka ireto ireo fepetra fandrafetana ny Dinam-pokontany :

- Famoriana fokonolona ataon'ny komitin'ny fidiovana sy fanadiovana.
- Fanamarinam-pahatongavana voarakitra an-tsoratra misy ireo Sonia na lava-tondron'ireo fokonolona.
- Fanolorana ireo Dina amin'ny fokonolona sy ny fepetra na sazy mihatra mifanandrify.
- Fandaniana ireo Dina amin'ny alalan'ny tsangan-tanana.
- Fanaovana "PV" na raki-tsoratry ny Fivoriana.
- Fandefasana ireo Dina, fepetra, sazy, "PV", fanamarinam-pahatongavana eo anivon'ny Kaominina Ambohimanambola.




## Sokajy 3:
## NY SERVISY RANO FANADIOVANA FIDIOVANA

**Andininy 5:** Ny Sampana Teknikan'ny kaominina misahana ny Rano Fanadiovana Fidiovana no misahana manontolo ny fidiovana sy fanadiovana eto anivon'ny Kaominina ary mampihatra ny sazy mifandraika amin'ny fandikan-dalàna sy ny fanaraha-maso ny Komity misahana ny fanadiovana sy ny fidiovana. Ireo "Quartiers mobiles" sy "polisy kaominaly" no iraka manao fampitandremana sy mampihatra ny sazy ary afaka omen'ny Zandarimaria na polisim-pirenena tolo-tànana.

## Sokajy 4:
## POLISIN'NY FAHADIOVANA

**Andininy 6:** Ny polisin'ny fahadiovana dia polisy kaominaly miandraikitra ny :

- Fanaraha-maso ny fahadiovan'ny tanàna.
- Fitsirihana ifotony sy fanentanana ireo mponina minia mandika ny lamina mipetraka rehetra.
- Fandraisana fitarainana ary mitatitra izany amin'ny tomponandraikitra.
- Fampiharana ireo sazy vonodina.
- Fanaovana tatitra an-tsoratra ny zava-mitranga sy ny fitsirihana natao.
- Fanaraha-maso ny rafim-pitantanana ny fako ventiny sy ranony ao amin'ny tokantrano iray.
- Fampiharana ireo lalàna mifehy ny fahadiovana.

## Sokajy 5: “INSPECTEUR D'HYGIENE” MPITSIRIKA SY MPANARAMASO NY TONTOLON'NY HANIMASAKA.

**Andininy 7:** Ny “Inspecteur d’hygiène” dia olona voatendry sy nahazo fiofanana hanatanteraka:

- Fanentanana mikasika ny fahadiovana sy fidiovana amin’ny varotra hanimasaka.
- Fanaraha-maso ny fahadiovan’ny varotra hanimasaka.
- Fanaraha-maso ny fananana lavapiringa sy ny fitantanana izany.
- Tatitra amin’ny sampan-draharahana misahana ny fahadiovana fidiovana eo anivon’ny kaominina Ambohimanambola.
- Manome naoty sy kintana ireo mpivarotra hanimasaka ka mametraka izany amin’ny “Vitrine”.

**Andininy 8:** Ny fomba fanaovana ny tombana dia amin’ny alalan’ny famaliana ireo fepetra rehetra ao amin’ny fehezam-pitsipika mikasika ny fivarotana hanimasaka.

- Kintana telo (LAFATRA) ho an’ny mpivarotra mahafeno ny 90% no mihoatra.
- Kintana roa (MADIO) ho an’ny mpivarotra mahazo ny antontanisa 70%-90%.
- Kintana (MIEZAKA) iray ho an’ny mpivarotra mahazo 50%-70%.
- Kintana mitapaka (MITANDRINA) ho an’ny mpivarotra mahazo latsaky ny 50% arahina fampitandremana amin’ny mety ho fanesorana ny fanomezan- dalana hivarotra raha tsy misy fiovana ao anatin’ny fotoana voafetra.

**Andininy 9:** Tsy maintsy manao fitsirihana in-droa isan-taona faharafakeliny ny mpivarotra hanimasaka tsirairay avy. Azo atao ny mangataka fitsirihana amin’ny fotoana rehetra eto anivon’ny kaominina Ambohimanambola.

**Andininy 10:** Ny mpivarotra hanimasaka vaovao rehetra dia manao fampilazana sy fangatahana eo anivon’ny sampan-draharahana misahana ny fahadiovana fidiovana sy fikoloam-pahasalamana eo anivon’ny kaominina Ambohimanambola ary hanaovana fitsirihana avy hatrany ao aorian’ny telo volana nisokafana.

**Andininy 11:** Azo tanterahana amin’ny fotoana rehetra ny fizahana ka manao fampilazana herinandro mialoha ny sampandraharaha misahana ny fahadiovana fidiovana alohan’ny hanatanterahana ny fidinana ifotony ary efa miomana amin’izany avokoa ireo mpivarotra sy tokantrano voakasika.

**Andininy 12:** Ho an’ny kaominina Ambanivohitra dia ny servisy Rano Fanadiovana Fidiovana sy ny Polisy Kaominaly voatendry nahazo fiofanana no manatanteraka io andraikitra io.







FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko II. Ny fahadiovana sy ny toeram-ponenanana

## Sokajy 1: NY TOERAM-PONENANA SY NY MANODIDINA

**Andininy 13:** Ny fanorenana rehetra anatin'ny fari-piadidian'ny Kaominina dia tsy maintsy nahazoana alàlana ara-dalàna avy amin'ny Kaominina Ambohimanambola sy ny servisy misahana ny fanorenana.

**Andininy 14:** Ny tompon-trano na izay mipetraka ao dia samy tomponandraikitra feno amin'ny fahadiovan'ny trano fonenany sy ireo miankina aminy ary ny lalana manoloana azy.

**Andininy 15:** Ny trano fonenana na trano ampiasain'ny besinimaro dia tsy maintsy manana kabone iray isan-trano ary tsy maintsy ezahana ny fikojana, ny fanatsarana hatrany ary ny fahadiovan'izany.

**Andininy 16:** Misafidy ny fomba fitantanan'ny fako ao an-tokantrano sahady ny mpanorina amin'ny fotoana hanaovana ny fitsirihana iarahana amin'ny sampana teknikan'ny fanorenana ary apetraka ao anaty taratasy fahazoan-dàlana izany

**Andininy 17:** Tsy maintsy manao fangatahana fitsirihana sy fanamarinana ahazoany « Certificat de conformité» mifanaraka amin'ny fanomezan-dàlana hanorina na "Permis de Construire" an'ny trano ny mpanorina rehefa vita tanteraka ny trano. Ny fahazoana ny "Certificat d'habiter" ialoavan'ny « Certificat de conformité » eo anivon'ny Kaominina Ambohimanambola no manambara fa azo hipetrahana ny trano

.

- Mahavoasazy 30% hatramin'ny 50% ny vola naloa tamin'ny fangatahana "Permis de Construire » ny mipetraka amin'ny trano tsy nahazoana "certificat d'habiter".
- Ny trano rehetra tsy nanaraka ny voasoratra anaty fanomezan-dàlana hanorina dia mandoa ny sara mifanaraka amin'ny zava-misy ivelan'ny fahazoan-dàlana miampy 50% ny tambatry ny "PERMIS DE CONSTRUIRE":

**Andininy 18:** Ny fanorenana vaovao rehetra dia tokony manana "PUISARD" hifehezana ny rano maloto avy nampiasaina ao an-tokantrano, WC (kabone) ary lava-pako na miditra anaty servisy misahana ny fakana isan-tokantrano.

## Sokajy 2: NY KABONE SY NY FANANANA IZANY.

**Andininy 19:** Tsy maintsy manana kabone avokoa ny trano fonenana tsirairay avy ato anatin'ny Kaominina.

**Andininy 20:** Voaràra ny mampiasa kabone lavaka madiva ho feno.

**Andininy 21:** Voaràra ny mangery sy mamany eny amin'ny toerana tsy voatokana amin'izany.

**Andininy 22:** Raha toa ka mety hiteraka fitarainana mari-pototra ny kabone na amin'ny lafiny fahadiovana na amin'ny lafiny fofona, dia mandray ny fepetra rehetra ilaina ny tompon-trano na izay mipetraka ao. Ny fokontany, ny kaominina dia tsy maintsy manatanteraka ny fampiharana fepetra ao anatin'ny iray volana, raha tsy izany dia ambara fa tsy azo ampiasaina intsony ny kabone. Ny filazana ny tsy maha ara-pahasalamana dia amin'ny alalan'ny tatitra izay ataon'ny Fokontany, kaominina voamarin'ny Lehiben'ny sampana kaominaly ny fahadiovana. Izany dia midika ho fandraràna fampiasana sy fandrodanana ny kabone.

**Andininy 23:** Any amin'ny toerana ampiasain'olona maro, ny isan'ny kabone dia faritan'ny sampandraharaham-panjakana ao anatin'ny fahazoan-dàlana hanorina, izay ampifanarahany amin'ny isan'ny olona mety hampiasa izany kabone izany.

**Andininy 24:** Ny biraom-panjakana rehetra sy ny toerana ivezivezin'ny olona dia tokony misy kabone sy toerana fanasana tànana miaraka amin'ny savony avokoa.

**Andininy 25:** Voaràra ny manao "puisard" mivantana amin'ny làlan-drano sy ny tatatra iombonana.





## Sokajy 3: NY FIKORIANAN'NY RANON'ORANA SY NY RANO MALOTO ARY NY LAKAN-DRANO.

**Andininy 26:** Ireo tompon-trano na mponina dia tsy maintsy mandray ireo fepetra ilaina rehetra mba handehanan'ny ranon'orana amin'ny fantsona ka tsy manelingelina na manimba ny filaminan'ireo mpiara-monina. Ny fanorenana vaovao rehetra akaiky làlana misy fantsona, dia tsy maintsy miomana ny hanary avy hatrany any ambany tany ireo ranon'orana.

**Andininy 27:** Voaràra tanteraka ny manipy rano maloto avy eny ambaravarankely na ny manary izany amin'ny lalam-bahoaka. Voaràra ihany koa ny manipy anaty lakan-drano, renirano, farihy na ny mametraka amin'ny sisiny ireo fako, potipoti-javatra isan-karazany, indrindra ny akora simika, ny diky sy ny rano misy menaka.

**Andininy 28:** Ireo rano avy amin'ny orinasa mpanodina sy ny toeram-pitsaboana dia tsy azo ariana ao anaty tatatra mihitsy raha tsy misy fitiliana voamarina tsy miteraka voka-dratsy. Amin'ny lafiny rehetra, ny fanariana na fandefasana ny faika rehetra avy amin'ny orinasa mpanodina dia tsy maintsy manaraka ny toromarika voarakitra ao amin'ny tondrozotran'ny fiantraikan'ny asa sahanin'ny orinasa: Lalana faha 99-021 tamin'ny 19 aogositra 1999, momba ny politika fitantanana sy fanaraha-maso ny loto indostrialy). Voaràra tanteraka ny fanipazana ranontsolika sy menaka maloto eny amin'ny fantsona fanarian-drano.

**Andininy 29:** Ny fanasana fiarakodia rehetra sy hafa amin'ny lalam-bahoaka sy ireo miankina aminy dia voaràra.

**Andininy 30:** Ireo mpampiasa sy tomponandraikitry ny toeram-patsakana dia tsy maintsy mandray fepetra mba tsy hisian'ny fiandronan'ny rano amin'ny manodidina, na mivantana ny fatsakana.

**Andininy 31:** Voaràra ny fanasana lamba, ny fanasana fitaovan-dakozia, ny fanadiovana ny vatana, ny fanasana fiarakodia, indrindra ny fampidirana tay na akora hafa mety handoto ny loharano izay mamatsy ny rehetra sy ny fatsakam-bahoaka.

**Andininy 32:** Voaràra ny manary ireo fatim-biby, ireo sisa avy amin'ny fivarotan-kena, zezik'omby, na tay hafa, ny sisam-biby mora lo anaty lavaka, ka mety handoto ny rano natao hosotroina.



# Sokajy 4: NY FAKO.



**Andininy 33:** Sokajiana ho roa karazana ny fokontany sy faritra amin'ny resaka fitantanana sy fifehezana ny fako ventiny.

- SOKAJY A: Ireo fokontany na faritra mamokatra fako plastika, baoritra sy fakon-kanina mila fametrahana rafim-pitantanana sy fifehezana malaky.
- SOKAJY B: Ireo fokontany na faritra manana taha-pamokarana fako kely ka afaka hametrahana rafim-pitantanana fako miandalana.

**Andininy 34:** Ny fisokajiana ny fokontany na faritra dia mivoaka aorian'ny fanadihadiana atao miaraka amin'ny kaominina, ny fokontany ary ireo mpiara-miombona antoka raha misy.

- Ireto ny fokontany SOKAJY A (Renivohitra):
  - AMPAHIMANGA
  - AMBOHIMANAMBOLA GARA
  - TANJONANDRIANA
  - AMBOHIBATO
- Ireto ny fokontany SOKAJY B (Ambanivohitra):
  - AMBOHIPENO
  - AMBOHIBATO
  - ANTANETIBE
  - AMBOHIMANAMBOLA FIRAISANA
  - IHARAMY
  - ANDRAMANONGA
  - AMBOHIMAHATSINJO

**Andininy 35:** Ny fokontany, faritra dia sokajiana amin'ny alalan'ny:

- Taha-pamokarana fako
- Isan'ny Mponina sy trano / Fokontany/faritra
- Fomba fitantanana ny fako
- Sokaji-pako

**Andininy 36:** Ny tokantrano tsirairay avy dia tsy maintsy manana ny fomba fitantanany ny fako. Ireto manaraka ireto ny safidy misy:

- Servisy Raoka fako (Servisy maka ny fako isan-tokantrano misy sarany aloa isam-bolana
- Lava-pako / Lava-pako iombonana nahazoana alàlana.

**Andininy 37:** Tsy azo atao ny manary fako na maniraka olona hanary fako eny amin'ny fokontany, faritra na toerana efa voaràra fa tsy azo hanaovana izany. Tomponandraikitra voalohany ny tompon'ny fako na ny mpaniraka raha misy izany tranga izany. Manefa ny sazy vonodina faharoa sy manadio ny toerana nanariany ny fako ny tomponantoka.

**Andininy 38:** Tsy azo atao ny mandoro fako tsy nahazoana alàlana, amin'ny toerana SOKAJY A sy iasan'ny servisy Raoka fako.

**Andininy 39:** Ny fandoroana biriky, fako plasitika, fakon-kanina, fandrehetana tara dia voaràra raha tsy misy fahazoan-dàlana avy amin'ny Kaominina izay manaraka ny tari-dalana sy fenitra avy amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana.

**Andininy 40:** Ny fako avy ao amin'ny tokantrano dia mankany amin'ny baka fanariampako voatokana raha misy izany. Voaràra ny manary ny amany sy tay ary amin'ny ankapobeny ireo fako azo avy amin'ny fanorenana, fanatanterahana asam-barotra sy ny orinasa mpanodina toy ny fanitso, tavoahangy, sns ..., mety hanimba ny fahasalamana any anaty baka fanariampako ikambanana. Ireo zavatra ireo dia taterin'ny tompony na ny orinasa na mety ho ny sampandraharaha misahana ny fanadiovana - ka andoavany vola - mankany amin'ny fitobiam-pako voatokana amin'izany.

**Andininy 41:** Raràna ihany koa ny manipy eny amin'ny lalam-bahoaka sy ireo miankina aminy toy: ny sisindalana, sy ny lakan-drano ary ny fantsona fanarian-drano maloto, ireo rano tsy ara-pahasalamana, fako, fotaka, fako avy any an-tokantrano, diky, fakon-dakozia ary ireo zavatra hafa rehetra mety hiteraka fanimbana, na hisakana ny fikorianan'ny ranon'orana, na hanelingelina ny fifamoivoizana, na hanimba ny fahasalamana na hanakorontana ny filaminam-bahoaka.

**Andininy 42:** Ireo tomponandraikitry ny Fokontany dia manara-maso ny fiasan'ny lakandrano fanariana rano maloto sy ny tsy hisian'ny rano miandrona na fako amin'ny lalankely ao amin'ny fari-piadidiany.

**Andininy 43:** Ny Fitantanana ny fako eny anivon'ny Tobim-pahasalamana dia manaraka ny politika nasionaly ny fitantanana ny fako vokarin'ny Tobim-pahasalamana.

**Andininy 44:** Tsy azo ataon'ny orinasa, kaominina hafa ny manary fako ato anatin'ny Kaominina Ambohimanambola raha tsy nahazo alàlana sy manaraka ireo fepetra rehetra apetraky ny Kaominina ary servisy misahana izany.

**Andininy 45:** Ny fitantanana ny Fakon' ny Orinasa lehibe dia tsy maintsy manaraka ny Lalana faha 99-021 tamin'ny 19 aogositra 1999 (momba ny politika fitantanana sy fanaraha-maso ny loto indostrialy).

## Sokajy 5: NY FIOMPIANA BIBY.

**Andininy 46:** Ny fiompiana akoho amam-borona maro (+15), kisoa, soavaly, omby, ondry sns indrindra amin'ny fokontany andrenivohitra SOKAJY A dia tsy maintsy mahazo alàlana avokoa amin'ny kaominina taorian'ny nametrahana fangatahana an-tsoratra nataon'ny tompony. Ny Fahazoan-dalàna no mamaritra ireo fepetra ara-tekinika, indrindra ny elanelana tokony ho hajaina amin'ny trano hafa sy ny andraikitra ara-paha-salamana ary ny filaminam-bahoaka tsy maintsy mifanaraka amin'ireo didy amam-pitsipika manan-kery. Ny fiovan-toerana rehetra sy ny fanorenana vaovao rehetra amin'ny taona diavina dia tsy maintsy hanaovana filazana ao anatin'ny iray volana.

**Andininy 47:** Ny fahadiovan'ireo toerana rehetra natokana hiompiana voalazan'ny andininy teo aloha dia tsy maintsy tandrovana lalandava. Ny trano fiompiana dia tsy maintsy haorina amin'ny toerana mifefy, madio, mora sasana, tany maina, izay misy tafo ary azon'ny rivotra. Tomponandraikitra feno amin'izay fahasim-bana, na fandotoana, na fifindran'aretina ateraky ny firenirenen'ireny biby ompiany ireny ny tompony, ka raha misy fitarainana mikasika ny fiompiany dia tompo-nandraikitra feno ny mpiompy.

**Andininy 48:** Ny firenirenin'ny biby fiompy dia voaràra ary sokajiana ho mpirenireny ireo biby tsy misy mpiahy sy ireo tsy arahan'ny tompony.

**Andininy 49:** Ny fivezivezen'ny biby dia voaràra raha tsy nisy ny fahazoan-dalàna avy amin'ny Fokontany.

**Andininy 50:** Ny alika dia tokony hifatotra sy hisy fehitenda mba hanavahana azy amin'ny biby tsy misy mpiahy ary tokony ho vita vakisiny sy hanana karine mirakitra izany.

**Andininy 51:** Ny tsy fanarahana ireo fepetra voala-zan'ity sokajy ity sy ny fisian'ny fangatahana na fitarai-nana avy amin'ny mpiara-monina izay voazaha fototra dia mety hiteraka ny fanesorana ny fahazoan-dàlana sy fampiharana ireo sazy vonodina araky ny sokajy mifanandrify.



## Sokajy 6: NY HAFA (ORINASA, ABATTOIR, SNS…).

Mpivarotra,
Hena,
Fitaovana,
fivarotana,.....

Madio, manarapenitra, ara-dalàna, ara-pahasalamana



**Andininy 52:** Ny hena amidy rehetra dia tsy maintsy misy fitomboky ny dokoteram-biby na ny sampandraharahan'ny fahasalamana ary nahazo fankatoavana manokana avy amin'ny «service vétérinaire».

**Andininy 53:** Ny toerana famonoana biby dia tsy maintsy manaja ny fahadiovan'ny toerana.

**Andininy 54:** Tsy maintsy manana toerana fanariana fako, fitobian'ny rano maloto manokana ny toerana famonoana biby.

**Andininy 55:** Tsy maintsy vonoina amin'ny toerana voatondro ho amin'izany dia ny labatoara, ny biby hamidy eny an-tsena ary vita fizahana avy amin'ny tomponandraikitra afaka manao izany.

**Andininy 56:** Tsy maintsy misy fitomboky ny veterinera na sampandraharaha ara-pahasalamana misahana manokana izany mba ho voamarika fa azo antoka ara-pahasalamana ny hena amidy rehetra.

**Andininy 57:** Fitaovana madio no itaterana hena mankeny an-tsena ka asiana lafika ny ambany ary misy rakotra ety ambony samy madio voasasa amin'ny savony.

**Andininy 58:** Tsy avela hikasika amin'ny vatany na ny akanjon'ny mpilanja ny hena fa asiana lafika madio manelanelana.

**Andininy 59:** Ho an'ireo mpamono omby sy biby hafa na koa ireo mpitatitra ny hena, dia raràna ny fitondrana antsy mivezivezy sy ny fitondrana akanjo mihosin-drà eny amin'ny làlam-bahoaka.

**Andininy 60:** Tsy maintsy manao fizaham-pahasalamana isan-taona ny mpivarotra hena ary misy taratasy manamarina izany (Certificat medical) mba ahafahany manao ny asany. Ny fanamarinana avy amin'ny dokotera ny amin'ny fahafahana mivarotra dia tokony hita mandrakariva eny amin'ny toeram-pivarotana. Ny tsy fanatanterahana izany dia mitarika fampiatoana na fisintonana avy hatrany ny fahazoan-dàlana izay tsy misakana ny fampiharana ny sazy vonodina voalaza.

**Andininy 61:** Tsy maintsy ambony latabatra voadio amin'ny rano sy savony no hivarotana hena ary ambony akalana madio no ikapana azy.

**Andininy 62:** Raràna ny manao saosisy na potikena amin'ny hena maimbo sy hena misy taolany.

**Andininy 63:** Tsy maintsy mampiasa tsofa na "la scie" ny mpivaro-kena hanapahana ny taolana.

**Andininy 64:** Raràna ny manasa tsinain-kena any amoron-drano.

**Andininy 65:** Raràna ny mivarotra hena amoron-dalana tsy nahazoana alàlana sy tsy manaraka ireo fitsipika rehetra mikasika ny varotra hena. Ekena ny fangatahana alàlana hivarotra hena amoron-dalana mandritra ny Andro fety toy ny: KRISMASY, FARAN'NY TAONA, TAOMBAOVAO, PASKA, 26 JONA. Ny fokontany sy ny Kaominina no manondro ny toerana ahafahana mivarotra hena mandritr'ireo andro ireo.

**Andininy 66:** Manangana fikambanana ny mpivarotra (hena, lamba, entana, hani-masaka) mba hifampifehezana.



FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko III. Fandrindrana ny lalam-bahoaka

## Sokajy 1: FANDRINDRANA AMIN'NY ANKAPOBENY

**Andininy 67:** Voaràra tanteraka ny manelin-gelina ny lalana sy izay miankina aminy, ny manakorontana ny filaminam-bahoaka ary ny manembatsembana ny firindran'ny fifamoivoi-zana ny amin'ny fandriampahalemam-bahoaka.

**Andininy 68:** Ny fametrahana amin'ny làlana ireo fitarihana fitsinjarana ny rano,andrinjiro -finday- aterineto dia tsy maintsy ahazoana alàlana mialoha avy amin'ny Ben'ny Tanàna na ny sampana teknika misahana izany eo anivon'ny kaominina. Ny fahazoan-dalàna no mamaritra ireo fepetra hanatanterahana ny asa.

**Andininy 69:** Ny Kaominina Ambohimanambola dia nametraka manokana fotodrafitrasa ho an'ny fanadiovana sy fidiovana afaka ampiasain'ny daholobe. Araka izany, raràna ny mangery na mamany na mandrehoka na manary tay ankoatran'ny ao anivon'izany fotodrafitrasa izany.

**Andininy 70:** Raràna ny manary na manao maloto amin'ireto toerana ireto:

- Toeram-piantsonana,
- Toerana fanaovana fomban-drazana,
- Eny amoron'ny lalam-pirenena sy ny lalam-bahoaka rehetra.

**Andininy 71:** Ny Kaominina sy ireo koperati-vam-pitaterana dia miara-mametraka toeram-pivoahana manokana misy fanasana tànana amin'ny rano sy savony ho an'ireo mpamily sy mpampiasa làlam-pirenena.


**Andininy 72:** Ny koperativam-pitaterana dia tomponandraikitra amin'ny fahadiovan'ny fian tsonana iombonana aorian'ny fandalovan'ny mpanadio ny lalana. Mametraka toerana natao hanariana ireo fako ao anaty sy ivelan'ny fiara ary manentana ny mpanjifa tsy hanary sy hanipinipy fako izy ireo.

## Sokajy 2: FIKORIANAN'NY RANO

**Andininy 73:** Ireo tanàna rehetra ambany làlana dia tsy maintsy mamela malalaka ny fikorianan'ny rano indrindra ny ranon'orana.

**Andininy 74:** Voaràra ny mamela ny fikorianan'ny rano mivantana avy amin'ny tafon-trano amin'ny lalam-bahoaka na amin'ny mpifanolobodirindrina. Ny ranon'orana dia tsy maintsy akoriana amin'ny fantsom-pivoahana hatrany amin'ny fantsona akaiky indrindra aorian'ny fahazoana alàlana mialoha avy amin'ny Ben'ny Tanàna voarakitra anaty fanomezan-dàlana hanorina na ny " PERMIS DE CONSTRUIRE".





**Andininy 75:** Ny fametrahana amin'ny làlana ireo fitarihana mba hikoriana sy hitsinjarana ny rano dia tsy maintsy ahazoana alàlana mialoha avy amin'ny Ben'ny Tanàna na ny sampana teknika misahana izany eo anivon'ny kaominina. Ny fahazoan-dàlana no mamaritra ireo fepetra hanatanterahana ny asa, indrindra ireo tatatra sy ny tsy maintsy hamerenana amin'ny laoniny ny làlana.

**Andininy 76:** Ny fanariana ny rano avy amin'ny tanàna manamorona mankao anatin'ny lalandriaka ambanin'ny lalam-bahoaka, dia tsy maintsy tarihina mivantana ka ny fitaovana sy ny fepetra amin'izany dia izay voalaza ao anatin'ny fahazoan-dalàna.





FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko IV. Ny fahadiovan'ny Tsena



## Sokajy 1: NY VAROTRA HANIMASAKA

**Andininy 77:** Entitra ny fitsipika ny fivarotana hanimasaka ary hampiharina amin'ny mpivarotra sakafo masaka rehetra eto amin'ny fari-piadidian'ny kaominina Ambohimanambola.

**Andininy 78:** MIKASIKA NY MPIVAROTRA SY NY MPIKIRAKIRA SAKAFO

1. Ny mpivarotra sy ny mpikirakira sakafo masaka dia tsy maintsy manao aron'akanjo mazava loko sy saron-doha ary tampimbava madio tsara.
2. Tsy mahazo mivarotra sakafo masaka ny olona: mikohaka, voan'ny gripa, misy ratra na areti-koditra na fantatra fa manana aretina mitaiza na mifindra.
3. Ny mpivarotra sakafo masaka dia tsy maintsy manana lamba famafàna tànana " Serviette" manokana izay soloina rehefa maloto.
4. Ny mpivarotra sakafo masaka dia tokony hanadio tànana matetika amin'ny savony, indrindra avy any amin'ny toerampivoahana, fohy ny hoho-tànana ary tsy manao " Vernis à ongle "
5. Tsy azon'ny mpivarotra sakafo masaka atao ny mifoka sigara, mihinana paraky, misotro toaka na mamo mandritry ny fotoam-pivarotana sy fikarakarana.
6. Tsy mahazo mivarotra ny ankizy latsaky ny 13 taona.

**Andininy 79:** MIKASIKA NY SAKAFO AMIDY

1. Tsy maintsy atao anaty vitrine misarona na mihidy ny aoriana ary tsy ahitana zavatra ankoatra ny sakafo.
2. Ny sakafo masaka amidy dia tsy maintsy arovana ary tazomina amin'ny maripana tokony ho izy:
3. Sakafo mangatsiaka ( Yaourt, fromage, sakafo misy mayonnaise...): 6 degre C na asiana gilasy.
4. Sakafo mafana: 65 degre C na tazomina eo ambony afo mandrakariva.
5. Fantenana tsara ireo akora fototra rehetra ampiasaina indrindra ny menaka, atody, ronono, hena, hazan-drano ary tokony ho vaovao hatrany.
6. Fatran'ny menaka sahaza ihany no ampiasana hanendasana ary tsy haverimberina mba hisorohana ny fanapoizinana ara-tsakafo.
7. Atody akoho vao tsy vaky no azo anaovana mayonnaise ary tehirizina amin'ny toerana mangatsiaka, Tsy mihoatra ny 6 Ora no itahirizana azy raha tsy misy vata fampangatsiahana ary 24 Ora raha misy.



**Andininy 80:** MIKASIKA NY FITAOVANA FAMONOSANA SAKAFO

1. Tsy azo amonosana sakafo masaka ny taratasy misy soratra (Gazety, Kahie, Taratasy misy ranomainty) ary rehefa mampiasa " Sachet" dia tsy azo tsofina.

**Andininy 81:** MIKASIKA NY FITAOVANA AMPIASAINA AMIN'NY SAKAFO MASAKA

1. Tsy azo raisina amin'ny tànana ny sakafo masaka fa tsy maintsy alaina amin'ny fitaovana manokana toy ny sotro rovitra na fitsaingok
2. Tsy maintsy ahitana koveta telo (03) misy rano madio sy savony ao amin'ny toerana fivarotana sakafo masaka (hanasàna-hanadiovana-hanakobanana ny fitaovana). Raha tsy misy paompy dia soloina matetika ny rano.
3. Saromana lamba madio ny fitaovana voadio.

**Andininy 82:** MIKASIKA NY TOERAM-PIVAROTANA

1. Tsy maintsy diovina ny toerana mialoha sy aorian'ny fivarotana.
2. Tokony hiavaka tsara ny toerana fikarakarana sy fivarotana sakafo masaka
3. Tsy maintsy ahitana fitaovana fitoeram-pako misarona tsara ny toerana fikirakirana sy fivarotana sakafo masaka.
4. Tsy azo avela hivezivezen'ny biby fiompy ( Saka, alika, Akoho,...) ao amin'ny toerana fikirakirana sy fivarotana.

**Andininy 83:** TRANGA FANAPOIZINANA ARA-TSAKAFO

1. Raha misy tranga fanapoizinana ara-tsakafo eo amin'ny sehatra fiaraha-misakafo ( Mariazy, fety, fivoriana, hotely, fivarotana hanimasaka, sns...) dia ny mpikarakara no tomponandraikitra ary miantoka ny fandaniana ara-bola rehetra nitsaboana ny marary aorian'ny fanamarinana rehetra avy amin'ny mpitsabo sy ny " Inspecteur d'hygiene".

**Andininy 84:** Ny mpivarotra hanimasaka sy sakafo dia tsy maintsy ambony akalana miala fitopolo santimetatra (70 sm) amin'ny tany ary voaaro amin'ny loto.

**Andininy 85:** Ny fivarotana hanimasaka anatin'ny fiara dia mila fahazoan-dalàna avy amin'ny Ben'ny Tanàna aorian'ny fankatoavan'ny Fitaleavana miandraikitra ny fahasalamam-bahoaka eo anivon'ny Kaominina. Ilay nahazo alàlana dia tsy maintsy manatanteraka ireo adidy voasoratra ao anaty bokinandraikitra.

**Andininy 86:** Ny bokinandraikitra no mametra ireo sokajin-tsakafo na entam-barotra azo amidin'ireo fiara mpivarotra hanimasaka, ireo toerana azony hijanonana, ny haben'ilay fiarakodia, ny fanajariana anatiny.

**Andininy 87:** Tsy maintsy manantanteraka fanadiovana faobe in-dray mandeha isam-bolana ny tsena iarahan'ny mpivarotra.

**Andininy 88:** Ny tsy fanarahana ireo fepetra ireo dia mahatonga fampiatoana amin'ny varotra izay atao ary fanefana sazy vonodina araky ny sokajy mifanandrify.

## Sokajy 2: NY VAROTRA SAKAFO MANTA.

**Andininy 89:** Voaràra ny fivarotana sakafo tsy ara-pahasalamana toy ny voankazo manta, sakafo efa lany andro sy efa simba indrindra manodidina ny faritry ny sekoly.

**Andininy 90:** Ny sakafo manta dia amidy amin'ny toerana voatokana amin'izany sy nahazoana alàlana.

## Sokajy 3: NY VAROTRA HAFA

**Andininy 91:** Ny mpivarotra isan-karazany dia tsy maintsy manaja ny fahadiovan'ny toeram-pivarotany ka samy manana kifafa sy fanariam-pako tsirairay avy izay hametrahany ireo fako rehetra noho ny fanatanterahany ny asany.




FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko V. Areti-mifindra

**Andininy 92:** Ireo rehetra izay mahafantatra fa misy aretina tsy maintsy anaovana fanambarana amin'ny manampahefana ny aretina nahafaty ny olona iray dia tsy maintsy manao izany tsy misy hatak'andro na any amin'ny firaisana na any amin'ny tobim-pahasalamana.

**Andininy 93:** Ho fisorohana ny areti-mifindra dia anjaran'ny komitin'ny fidiovana eny anivon'ny tobim-pahasalamana sy ny manampahefana isan- tsokajiny eo an-toerana ny manao fanentanana mahakasika ny fitandroana ny fidiovana amin 'ny vanim -potoana mialoha, mandritra, aorian 'ny fisehoan'ny aretina.

**Andininy 94:** Raha toa ka aretina tsy maintsy hanaovana fanambarana no miseho, ny manam-pahefana isan-tsokajiny (ny Sefo Fokontany, Ny Ben'nyTanana) dia tsy maintsy mampihatra ny fepetra famendrahana ranompanafody, izay heveriny fa ilaina amin'izany arakaraky ny karazan 'ny aretina voazaha fototra. Tsy maintsy atao vonona lalandava ireo fitaovana sy ranompanafody ampiasaina amin'izany. Ny komitin 'ny Fidiovana eny anivon 'ny Tobim-pahasalamana sy eny anivon'ny Kaominina no tomponandraikitra voalohany amin 'ny fanatanterahana ireo fepetra rehetra iadiana amin'ny valan'aretina.


**Andininy 95:** Fiara voatokana avy amin'ny sampandraharaha misahana ny fahasalam-bahoaka no itaterana ny marary voan'ny areti-mifindra ary tsy maintsy fendrahana ranom-panafody mamono otrik'aretina ny fiara raha vantany vao vita ny fanaterana ilay marary.

**Andininy 96:** Ny famendrahana fanafody amin'ny fiara ho famonoana otrik'aretina dia tsy maintsy atao raha misy fanambarana areti-mifidra mitranga eny an-dalàna.

**Andininy 97:** Raha misy fahafatesana dia tsy maintsy misy dokotera mijery ny razana ary mahazo taratasy manamarina izany ny tompo-manjo. Ny mpiasan'ny kaominina dia tsy mahazo manome ny taratasy fahazoan-dalàna handevina raha tsy mahazo ny taratasy manambara fa efa voajerin'ny dokotera ny razana.

**Andininy 98:** Raha misy matin'ny aretina tsy maintsy ambara toy ny pesta na kôlerà na Covid-19 na hafa dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra rehetra takian'ny fitondram-panjakana ho amin'izany rehefa voamarin 'ny dokotera.

**Andininy 99:** Ny fakana sy famindran-toerana ny razana matin'ny pesta na kolera na Covid -19 dia tsy azo atao raha tsy feno ny fe-potoana sy fepetra ahafahana manao izany ary tsy maintsy nahazoana alàlana avy amin'ny ambaratongam-pahefana mahefa.



FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko VI. Ny filaminam-bahoaka

## Sokajy 1: NY FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

**Andininy 100:** Ankoatra ireo toerana voatokana nahazo alàlana, dia voaràra tanteraka ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola izay mitarika sazy vonodina.

**Andininy 101:** Ireo mpamatsy zava-pisotro misy alikaola ho an'ireo mpivarotra tsy ara- dalàna izay voalazan'ny andalana eo ambony dia saziana amin'ny fandoavana lamandy ankoatra ny fanenjehana azy ara- panjakana, ady madio, ady heloka izay voalazan'ny fehezan-dalàna mifehy ny hetra ary ny lalàna manankery mifehy ny zava-pisotro misy alikaola.

**Andininy 102:** Ao anatin 'ny fari-piadidian 'ny Kaominina; ny ora fisokafana sy fikatonan'ny mpamatsy zava-pisotro misy alikaola amidy, na sotroana eo an- toerana na entina, dia voafetra araka izao manaraka izao :

- Fisokafana: amin'ny enina ora maraina
- Fikatonana : amin'ny sivy ora alina

Io fepetra io dia **tsy mihatra** amin'ny:

- Tranombahiny, trano fisakafoana sy trano fandihi-zana ;
- Toeram-pivoriana sy trano filanonam-bahoaka, an'ny miaramila na an'olo-tsotra izay efa matetika mika-rakara hetsika na fety nahazoana alàlana ara-dalàna avy amin'ny manam-pahefana eo an-toerana.

## Sokajy 2: FIVAROTANA AMIN'NY TOERANA TSY NAHAZOANA ALALANA

**Andininy 103:** Ny asa aman-draharaha rehetra izay miteraka fivorian'ny olona maro anaty efitrano (cabinet medical, bar, karaoke, salle de jeux…) dia tsy maintsy ahazoana alàlana avy amin'ny tomponandraikitra mahefa izay ialohavana fitsirihana arahana tatitra ataon'ny sampana teknika sy ny tomponandraikitry ny fidiovana eny an-toerana.

**Andininy 104:** Voaràra ary mahavoasazy ny fivarotana entana na zavatra hafa rehetra ivelan'ny toerana voatokana nahazoana alàlana avy amin'ny manampahefana mahefa, indrindra amin'ny sisindalana sy lalam-bahoaka izay mety hiteraka sakana amin'ny fivezivezena.



## Sokajy 3: NY TRANO SY NY TOERANA METY HITERA-DOZA

**Andininy 105:** Ny fanorenana rehetra ao anatin 'ny kaominina dia tsy maintsy ahazoana alàlana avy amin 'ny manam -pahefana voakasik ' izany. Fangatahana mandalo fokontany no alefa eo anivon'ny kaominina Ambohimanambola.

**Andininy 106:** Ny Ben'ny Tanàna dia afaka mandidy ny fandrodanana trano fonenana na fotodrafitrasa manamorona ny lalam-bahoaka rehefa nahita ny fitanana an-tsoratra nataon'ny iraka manokana ho amin'izany izay voamarina fa ireo fanorenana ireo dia mety hianjera sy mety hitera- doza ho an'ny vahoaka.Raha mety hampidi-doza tampoka, ny Ben'ny Tanàna dia manendry tomponandraikitra handrafitra tatitra; ny amin'ny toetoetry ny fotodrafitrasa ao anatin' ny 24 ora. Raha manamafy ny mahamaika na ny fahavoazana lehibe sy tampoka mety haterak 'izany ny tatitra, ny manampahefana mahefa dia mampilaza avy hatrany ny tompony ary afaka manatanteraka avy hatrany ireo fepetra ilaina mba hitandroana ny fiarovana ny vahoaka, marihana fa ny tompony no miantoka ny lany rehetra amin'izany.

**Andininy 107:** Voaràra ny mametraka amin'ny lalam-bahoaka sy ny miankina aminy, toerana na trano fiasana ho famatsiana sy hikarakarana fitaovana amin'ny fanorenana toy ny fasika, vato malao, vatokely, na ny mametraka korotan-javatra, poti-javatra avy amin'ny fandravana, raha tsy nahazoana alàlana mialoha avy amin'ny Kaominina.

Ireo mpandraharaha nahazo alàlana dia tsy mahazo manao kombarika sy rafi- kazo raha tsy nandray ny fepetra manokana mba hiantohany ny fahamafisan'ny kombarika sy ny rafi-kazo, sy ny tsy hianjeran'ny fitaovana sy vatokely araka izay voalazan'ny andalana teo aloha ary ny tsy hanakorontanana ny filaminana sy fizotran'ny fifamoivoizana amin'ny lalam-bahoaka.

Ny tompony sy ireo mpandraharaha dia samy tomponandraikitra miaraka ny amin'izay loza mety haterak'ireo asa ireo.

**Andininy 108:** Ny fahazoan-dalàna hampiasa ny lalam-bahoaka, hametraka toeram-piasana sy kombarika manamorona izany làlana izany, mba hanatanterahana ireo asa dia mifanaraka amin'ireo famelan'ny tomponandraikitry ny fanadiovana, izay tokony hanaovana fangatahana mialoha.

Amin'ny tranga rehetra, ny fampiasana ny lalam-bahoaka sy ireo miankina aminy dia tsy tokony hihoatra ny 48 ora.

**Andininy 109:** Izay nahazo alàlana dia tsy maintsy manala avy hatrany ireo tany noloarana aorian'ny fahavitan'ny ampahan'asa mba hampahalalaka tsy misy fahatarana ny fampiasana ny lalam-bahoaka. Ny Kaominina dia afaka manala an-tery ireo ranontany ary afaka mitaky fanomezan-tanana amin'ny mpitandro filaminana raha hitany fa ilaina izany.

Ireo faritra anaovana ny asa ireo dia tokony hofefena hatrany amin'ny hazo sy tady na fitaovana hafa mitovy aminy ka nahazoana alàlana.

Tokony hapetraka ho hita tsara manoloana ny toerana hanaovana asa sy ny fitahirizan'entana amin'ny lalam-bahoaka ny takelaka fampahafantarana na zavatra mamiratra.

Ny Kaominina ihany koa, dia afaka mametraka, na mandidy, raha hitany fa ilaina izany, ny fiambenan'ny olona hiandry ireo toerana hanaovana asa izay ny mpiantok'asa no mandoa ny sarany.

**Andininy 110:** Tsy misy afaka manimba ireo fotodrafitrasa isan-karazany toy ny fantsona, fitarihana, efa napetraka, na nataon'ireo andrim-panjakana isan-tsokajiny, na nataon'ny olon-tsotra, raha tsy nahazo alàlana manokana avy tamin'ny Ben'ny Tananan'ny Kaominina. Tsy maintsy haverina amin'ny laoniny ireo simban'ny asa natao.

Ny Kaominina dia malalaka amin 'ny fampiharana ny fanamboarana ireo fotodrafitrasany araka ny fitaovana ananany ka haloan'izay nahazo alàlana ny lany amin'izany.

**Andininy 111:** Ireo lalam-bahoaka sy ireo miankina aminy dia raràna tsy azo ampiasaina ho an'ny tombotsoa manokana, toy ny trano garazy, toerana fanamboarana fiara, fivarotana zavatra tonta na filalaovana, (babyfoot, billard), fanahazam-bary, fivarotana fasika sy vatokely ary koa ny fivarotana ireo fitaovana fanamboarana trano ka iharan'ny fandraofana ho an'ny tombotsoan'ny Kaominina. Amin'ny tranga mifanohitra amin'izany, ny mpandika lalàna dia didiana handoa ny sazy vonodina sokajy fahatelo.

**Andininy 112:** Ny fanahazan-damba eny amin'ny lalam-bahoaka sy ny miankina aminy dia faizina amin'ny fanesorana miaraka amin'ny vava ireo lamba miampy fandoavana lamandy sokajy voalohany.

**Andininy 113:** Ireo sakafo mora simba nogiazana dia hatolotra ireo hopitaly sy ireo mpanao asa soa.

**Andininy 114:** Voaràra ihany koa ny mijanona na manajanona fiarakodia simba na mandeha, na toy inona toetrany na toy inona, amin'ny lalam-bahoaka sy ireo miankina aminy.

**Andininy 115:** Voaràra tanteraka ny fanaovana ny toeram-bahoaka, tsena, sisindalana, lavarangana na ny toerana rehetra tsy natokana ho amin'izany, ho fonenana na fatoriana.

**Andininy 116:** Ny vaomieran 'ny fandriam -pahalemena, miaraka amin 'ny Sampan'asa misahana ny fiahiana ny maha olona sy ny fahasalam -bahoaka dia mandray ny fepetra tsy maharitra mikasika ny olona mirenireny sy ny olona marary saina mba hitandrovana ny filaminan -tsaina , ny fandriam -pahalemana ary ny fiarovana ny fananan'ny tsirairay.

## Sokajy 4: NY KOTABA ATERAKY NY ASA AMAN-DRAHARAHA MATIHANINA SY NY HAFA

**Andininy 117:** Ity lohateny ity dia natao handaminana ireo tranga sasany, fihetsika sy teny mety hiteraka fanelingelenana amin'ny fitoniantsain'ny vahoaka.

**Andininy 118:** Raràna ireo feo manelingelina nohon'ny hamafiny, eny amin'ny lalam-bahoaka sy toeram-bahoaka na ny toerana natao ho an'ny rehetra, indrindra ireo mety ho avy amin'ny :

1. Fanamboarana na fandaminana ny ao amin'ny motera, ankoatra ny fanamboarana mandritra ny fotoana fohy hamerenana ny fampandehanana ny fiara iray tsy afa-nihetsika noho ny fahasimbana tampoka teny am- pandehanana ;
2. Ireo dokam-barotra amin'ny antso na amin'ny hira
3. Ireo dokam-barotra izay mitondra fanohitohinana ny rafi-pisainana sy ny fomba amam-panao.
4. Fampiasana fitaovana sy fomba fampitana feo amin'ny fanamafisampeo, toy ny vata fandraisana onjam-peo, fandraisam-peo sy fandefasana kapila, raha tsy hoe ampiasaina manokana amin'ireo fitaovana ireo ny fihainoana mivantana ( Ecouteur, Casques ...) ;
5. Azon'ny manampahefana ao an-toerana omena ihany ireo alàlana ho an' olontokana na ho an'ny vondron'olona aorian'ny fangatahana alàlana sy fanekena ireo fitsipika rehetra anaty fahazaoan-dalana. Ireo fepetra ahazoan'ny olona na ny rafitra ampiasana fanamafisam-peo dia hofaritan 'ny manampahefana izay manome araka ny tranga tsirairay ny fahazoana alàlana ilaina amin'izany.

**Andininy 119:** Ny fampiasana zavatra na fitaovana, isan-karazany, mety hiteraka feo na hovitra mafy dia mila fahazoan-dalàna avy amin 'ny tomponandraikitra mahefa.

**Andininy 120:** Ny olona rehetra mampiasa amin'ny sehatry ny asa aman- draharahany, anatin'ny trano na ivelany, amin'ny lalam-bahoaka na anaty tanàna mitokana, zavatra na fitaovana isan-karazany, mety hiteraka feo na hovitra mafy sy fanakorontanana ny fialana sasatra na ny fitoniantsain'ny mpiara-monina, dia tsy maintsy manajanona izany asa izany anelanelan'ny amin'ny sivy ora alina hatramin'ny dimy ora maraina sy ny tontolo andron'ny alahady ary ny andro tsy fiasana raha tsy noho ny firotsahana an-tsehatra vokatry ny hamehana ( Asa maika tsy maintsy atao).

**Andininy 121:** Misy alàlana manokana noho ny fangatahana momban'ny antony mazava ilàna izany omen'ny sampandraharaha kaominaly, raha hita fa ilàna ny hanatanterahana izany asa izany ivelan'ny ora sy andro nahazoana alàlana voalazan'ny andininy etsy ambony.

**Andininy 122:** Ireo tompon'ny trano fanaovana fety aman-danonana dia tsy maintsy manaja izay voalazan'ny fahazoan-dalàna toy ny ora fisokafana sy fikatonana.

**Andininy 123:** Ny tsy fanarahana ireo fepetra ireo dia miteraka fanatsaharana avy hatrany ny kotaba sy ny asa rehetra miteraka izany ary ny sazy vonodina Sokajy faha-telo.

Tsy maintsy hajaina ihany koa ny fepetra ny amin'ny fanorenana mikasika ny fahadiovana sy ny tsy fivoahan'ny feo mba itandroana ny fahasalamana sy ny fitoniantsain'ny vahoaka.





## Sokajy 5: KOTABA AVY AMIN'NY FITAOVANA AN-TOKANTRANO

**Andininy 124:** Ireo asa fanamboarana na fanaovan-jaridaina ataon'ireo olona manokana amin'ny alalan'ny zavatra na fitaovana mety hiteraka fanelingelenana ny manodidina noho ny hamafin'ny feo, toy ny fanapahana ahitra misy motera, fandavahana, fikikisana na fanapahana mekanika... dia tsy azo atao afa tsy :

- amin'ireo andro fiasàna amin'ny 8 ora 30 hatramin'ny 12 ora sy amin'ny 1 ora 30 hatramin'ny 7 ora 30 hariva.
- amin'ny sabotsy amin'ny 9 ora hatramin'ny 12 ora sy amin'ny 2 ora hatramin'ny 5 ora hariva.

**Andininy 125:** Ireo mponina amin'ny toeram-ponenana na ireo miankina aminy dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra mba tsy ho voakorontan'ny feo avy amin'ny tranony ireo mpiara-monina manodidina, toy ny vata famoaham-peo, firaiketam-peo, fitaovana fandrenesam-peo sy fahitalavitra, zava-maneno, fitaovana maneno, fitaovana an-tokantrano sy ireo feo ateraky ny fanaovana kiraro mafy faladia na fanatanterahana asa na kilalao tsy mifanaraka amin'ireo trano ireo.

**Andininy 126:** Ny singa sy fampitaovana amin'ny trano dia tokony hotazonina amin 'ny hatsarany mba tsy hisian 'ny faharatsian 'ny fahafaham – pitazonam-peo rehefa mandeha ny taona, io tanjona io koa dia tokony hampiharina amin'ny fanoloana azy.

## Sokajy 6: IREO KOTABA ATERAKY NY BIBY

**Andininy 127:** Ireo tompony sy mpiompy biby, indrindra ny alika, dia tsy maintsy mandray ny fepetra manokana rehetra mba hisoro-hana ny fanelingelenana ny manodidina , amin 'ny fampiasana ny fomba rehetra hanerena ireo biby tsy hikorontana miverimberina sy mafy, toy ny fehivava, fanofanana , indrindra koa ny fampidirana azy an-trano raha hiala ny toeram-ponenana ny tompony .

**Andininy 128:** Mandray ireo fepetra voalazan'ny andininy 127 ireo ny tomponandraikitra raha misy fitarainana maro ataon'ny manondidina.

**Andininy 129:** Ny fepetra rehetra dia tokony raisina mba hamerana ny tabataba mandritra ny fametrahana amin'ny trano fitaovana vaovao an'olon-tokana na itambarana.

Ireo fepetra ireo dia hampiharin 'ny sampandraharaha sy fikambanana mahefa araka ny fenitra NFS 31.057 mikasika ny fanamarinana ny kalitao ara-peon'ny trano.



## Sokajy 7: NY AFOMANGA

**Andininy 130:** Ny fanapoahana tsipoapoaka na zavatra hafa manjelatra amin'ny fotoana isan-karazany sy ny fivarotana na fitsinjarana izany entana izany dia ilàna fahazoana alàlana avy amin'ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina na ny olona nomeny fahefana ho amin'izany ankoatra izay takian'ireo didy aman- dalàna hafa. Na dia izany aza, ny fivarotana tsipoapoaka sy zavatra manjelatra dia voaràra ho an'ny zatovo latsaky ny 16 taona. Ny fandikana izany fepetra izany dia miteraka fandraofana izany entana izany ary mahatonga ilay mpitana azy ho voasazy handoa sazy vonodina voalazan'ity fehezam- pitsipika ity ankoatra ny famerenana amin'ny laoniny ireo fahasimbana nateraky ny fipoahana tamin'ny mpifanolobodirindrina.

## Sokajy 8: NY FANANGONANA OLONA SY NY MPANGATAKA AMORON-DALANA


**Andininy 131:** Ireo olona rehetra manao ny asa fangatahana amin'ny endriny rehetra dia tokony tsy hanakorontana ny mpandeha an-tongotra sy ny mpamily fiarakodia. Izy ireo dia tsy tokony harahina biby masiaka na mety hasiaka, ary tsy tokony hampideradera fitaovana isan-karazany mba hampitahorana ireo olona angatahany. Voaràra tanteraka ny mampiasa ny zaza tsy ampy taona ho fitaovana fangatahana.

## Sokajy 9: NY FANIMBANA SY FANAPOTEHANA FANANAM-BAHOAKA

**Andininy 132:** Voaràra ny :

1. Mamotika na manimba ny fananan'olon-kafa, mihetsika na mitoetra ;
2. Mihanika amin'ny lafin-drindrina, amin'ny andrinjiro, fitaovam-panazavana sy ny mihanika ny rindrina ary ny tamboho ;
3. Mampiasa ireo familiana ny fitarihana na lalandrano isan-karazany, ny famataranoram-bahoaka, ireo fitaovana fanoroana ary ny fanazavana ny lalam-bahoaka
4. Mamaritra marika na soratra amin'ny lalana sy ny sisindalana amin'ny alalan'ny akora samihafa;
5. Mampaneno lakolosy na mandondona amin'ny varavarana mba hanadalàna ireo izay monina ao.





## Sokajy 10: NY FANAKORONTANANA AMIN'NY ALINA SY NY ATOANDRO

**Andininy 133:** Ny tabataba amin'ny alina dia voaràra; toy izany ihany koa ny tabataba amin'ny atoandro tsy misy antony voamarina ho ara-drariny. Voasokajy ho tabataba amin'ny atoandro ireo kipantson'ny mpitondra fiarakodia tsy misy antony ara-drariny, ny hiakan'ny mpanampin'ny mpamily miantso mpandeha, ny tabataba ateraky ny filokana sy ny fipetrapetrahana amoron-dàlana.

**Andininy 134:** Ny lanonana rehetra na andro na alina na misy fahazoan-dalàna aza, toy ny famadihana sy ny fora zaza, dia tsy maintsy mitandro ny fahasalamana sy ny fitoniantsaim-bahoaka. Anjaran'ny tompon-draharaha ny mandray ny fepetra mba ampihenana ny fanenlingelenana mety haterak'izany eo amin'ny manodidina.




FEHEZAM-PITSIPIKA MIFEHY NY FAHADIOVANA, FIDIOVANA, FIKOLOAM-PAHASALAMANA

# Toko VII. Sazy vonodina

**Andininy 135:** Ny tsy fanarahana ireo fepetra volazan'ny andininy amin'ity fehezam-pitsipika ity dia miteraka fandoavana sazy araka ny sokajy voafaritry ny Kaominina.

- Sokajy voalohany: Ar 5.000
- Sokajy faharoa: Ar 20.000
- Sokajy fahatelo: Ar 50.000
- Sokajy fahaefatra: Ar 100.000
- Sokajy fahadimy: Ar 300.000

**Andininy 136:** Ireo vola vokatry ny sazy dia aloa eo anivon'ny kaominina ary ahazoana tapakila mirakitra ny vola naloa misy sonian'ny mpandray vola.


**Andininy 137:** Ampiasaina amin'ny sehatry ny fanadiovana sy fidiovana ary famerenana amin'ny laoniny ireo fandikan-dalana ireo vola-tsazy rehetra voaray.

**Andininy 138:** FAHAZOAN-DALANA AORIAN'NY FANDOAVAN-TSAZY

Rehefa tontosa ny fandoavan-tsazy vonodina dia azo atao ny mangataka fahazoan-dalàna amin'ny kaominina Ambohimanambola amin'ny famerenana ny asa na andraikitra atao mifanaraka amin'ny fepetran'ny fehezam-pitsipika.

Ny mpitsirika ifotony avy amin'ny kaominina dia manamarina ny fahafenoan'ny fepetra takiana ho amin'ny fahazoan-dàlana.

## IREO KARAZANA PAIKA FAMPIHARANA ANKAPOBENY




PAIKA 1 FIFAMPIRESAHANA - FAMPITANDREMANA

PAIKA 2 FANDRAVONANA + DINA

PAIKA 3 POLISY KAOMINALY + SAZY VONODINA

PAIKA 4 FANOLORANA NY RAHARAHA AMIN'NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY

FITARAINANA FITARAINANA ATAON'NY MPONINA

## TSARA HO FANTATRA

**FIFAMPIRESAHANA :** Paika entina hanazavana ny zava-misy sy ny mety ho fifanolanana ateraky ny fandikan-dalàna. Fahatongavan-tsaina no tanjona, marimaritra iraisana no tadiavina.

**FAMPITANDREMANA :** Paika atao raha tsy nisy vokany ny fifampiresahana; Ny fampitandremana dia mizara roa: Fampitandremana am-bava izay azo ataon'ny rehetra ary fampitandremana an-tsoratra izay ataon'ny tomponandraikitry ny fampiharana.

**FANDRAVONANA :** Ny atao raha tsy nahitana vokany ny paika roa voalaza teo aloha; Ny fandravonana dia tanterahana eo anivon'ny fokontany ka manana tanjona handravona ny tranga.

**FANOLORONA :** Paika atao raha toa ka tsy manaiky ireo fandaminana rehetra niainga nanomboka teny anivon'ny fokontany hatramin'ny kaominina ny olona/Orinasa voalaza voamarina fa nandika lalàna.

**FITARAINANA :** Amin'ny tranga tampoka sy ilaina fitsirihana ary fanampahan-kevitra malaky dia azo atao ny manao fitarainana am-bava. Entanina hanao fitarainana an-tsoratra mazava tsara misy sonia sy mombamomba azy ny mpitaraina. Azo atao ihany koa ny fitarainana an-tsoratra miafina na fitarainana avy amin'ny olona tsy sahy mitonona ny anarany sy ny momba azy.

**FANENDRENA :** Fanolorana/fanendrena olona/servisy iray natokana hanatanteraka ireo andraikitra voalazan'ity boky ity.

**FANDAMINANA :** Fanatanterahana ireo lamina voalazan'ny boky.

**FITSIRIHANA IFOTONY:** Fidinana sy fanamarinana hita maso eny amin'ny toerana misy ny tranga fandikan-dalàna.

**FANDIDIANA:** Fanerana ny tomponantoka hanefa ny sazy mifanandrify amin'ny fandikan-dalàna nataony araky ireo sokajy voalazan'ity boky ity.

**FAMPITSAHARANA:** Fampiatoana ny tranga voasokajy ho fandikan-dalàna

**FITANANA AN-TSORATRA:** Fandraisana an-tsoratra ireo zava-misy rehetra.

KAOMININA AMBOHIMANAMBOLA

RANO
FANADIOVANA
FIDIOVANA

KAOMININA
AMBOHIMANAMBOLA

# Fehezam-pitsipika kaominaly mikasika ny fahadiovana, fidiovana sy fikoloam-pahasalamana



Ity boky ity dia natao hisian'ny lamina sy fifanajana izay mitady harefo eny anivon'ny fiaraha-monina misy antsika.
Fanabeazana ho olom-pirenena vanona, vonona hanatsara hatrany ny fiainany sy ny manodidina azy no tanjona.
Manentana sy miantso ary mampirisika anao aho na isam-batan'olona na isan-tokatrano tsirairay avy mba hikajy ny fahadiovana amin'ny toerana misy anao sy ny toerana ifamezivezen'ny be sy ny maro ka hampiatra sy hiaro ity fehezam-pitsipika kaominaly apetraka ity ary hiara-hiasa amiko ho fanantaterahana izany mba ho soa iombonana.

**Soanantenaina Rahagarison**
Ben'ny tanànan'Ambohimanambola

**Ho reharehantsika Ambohimanambola**

KAOMININA AMBOHIMANAMBOLA

RANO
FANADIOVANA
FIDIOVANA

CONCEPTED BY MADEGASYKARAZAHO